Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-08: NY FOTOAM-BAVAKA IRAISAM-PINOANA

(*Notaterina ny janoary 2003 tany Locodjro, Abidjan – Côte d’Ivoire /* www.matth25v6.org)

Noresahin’ireo mpaminany izany, ka nitranga ny alakamisy 09 janoary 2003. Nisy famantarana (Na: fambara) ara-tantara nomena. Ny Baiboly sy ny “coran” dia nifangaro (Na: nampivadiana). Ireo katolika, protestanta, evanjelika, silamo, “bouddhistes”, mahikaris, “rose-croix”, fivavahana netim-paharazana, Eckankar, ny finoana “baha’ie”, ny mpanao politika, ny fikambanana mystika… dia niangona tao amin’ny lapan’ny fanatanjahantena an’i Treichville mba hivavaka. Mba hivavaka amin’iza? Tsy haiko! Mihoatra ny fahatakaran’ny saiko izany. Mihoatra ny CNEPE-CI sy ny fikambanana nasionalin’ny fiangonana izany. Izany dia tsy mba azon’olombelona iray an-tsaina. Ary, hoatra ireo izay nialoha ahy tamin’ny fotoana fahiny, teo aho! Nihevitra ny hahita mpaminany tany aho, tsy nisy tany. Aiza ireo lehilahin’ny fahamarinana amin’ity fotoana ara-tantara ity? Nahita kotrokorana sy tselatry ny fahatezerana amin’ny lapan’ny fanatanjahantena aho. Avy eo, nahita fanakona-masoandro aho.

Ny ampitsony iny, hitako tamin’ny gazety ara-pilazantsara iray, ity lohateny fitenenana-dratsy ity: *“Ny Baiboly dia miray amin’ny Coran”*, ny kardinaly Bernard Agré, ny Imam Idriss Koudouss, rév. Ediemou Jacob izay vetaveta indrindra amin’ireo mpisikidin’i Côte d’Ivoire, rév. Benjamin Boni, filohan’ny fiangonana metodista-miray… mifampitantana. Tsy efa niteny mandrakariva ve aho hoe Satana no andriamanitr’ireo fiangonana ireo, ary ny ramanavy, dia sary famantarana azy ireo ara-panahy? Moa ve Andriamanitra tsy nametraka ramanavy any amin’ny ivon’ny “Plateau” izay ivon’i Abidjan, ivon’i Côte d’Ivoire? Mbola aloha be ny 09 janoary, teo aho niaraka tamin’ny polisy sy zandary ary efa, Baiboly mitsangana manohitra ny lapa, mihiaka mafy tsy ankiato aho amin’ny “megaphone” hoe: *“Anio maraina no handeha hiangona ao amin’io toerana io ireo fahavalon’Andriamanitra! Anio maraina no handeha hiangona ao amin’io toerana io ireo fahavalon’Andriamanitra sy ny firenena!”* Ny olona nangataka tamiko ny hitenenako hoe: *“ireo namana sy ireo fahavalon’Andriamanitra…”* fa rehefa hitany fa tsy afaka mitaona ahy rizareo, dia namporisika (Na: nitaona) ireo polisy sy zandary manao hoe: *“Manelingelina anay ny fehezanteniny, tsy afaka mivavaka miaraka amin’izany ao ambadikay ao izahay! Ampangino (Na: sambory) ilehio!”* Tsy nilavo lefona aho. Tamin’ny 09 ora teo ho eo, nisy tompon’andraikitry ny polisy nivoaka avy ao amin’ny lapa mba hampangina (Na: hisambotra) ahy avy amin’ny toro-hevitra fa tsy nilavo lefona aho. Nifampiresaka izahay dia azony ilay izy. Avy eo nisy polisy anankiroa hafa tamy fa tsy hitako milavo lefona mialohan’ny amin’ny folo ora aho. Dia toy izany hatrany hatramin’ny 10 ora 30. Ary teo, nisy lehilahy iray nanao palitao nankeo amiko hoe sekretera nasionalin’ny CNEPE-CI avy tao amin’ny lapa niaraka tamin’ny anakiray hafa manao “soutane” mainty. Efa naheno momba an’i Kacou Philippe izy fa tsy fantany hoe izaho izay. Hoy izy: “Nanomboka androany maraina tsy mamerina afa-tsy izay fehezanteny izay ianao. Ny Filoham-pirenena sy ireo manam-pahefana ho avy eo ka tsy ho endrika tsara izany.” Avy eo izy nangataka tamin’ireo polisy mba hisamborana ahy. Ny lehiben-drizareo nilaza tamin’ny tariny hoe: *“Raha mamerina izy, dia sambory.”* Hoy aho: *“Raha te hamerina aho, dia ho ataoko izany satria ny Baiboly tsy afaka hilefy eo anatrehan’ny fefy! Ianao angaha no naniraka ahy ho eto?”* Hoy izy: *“Eto amin’ny faritray ianao!”* Hoy aho: *“Kristiana aho, izany no mahatonga ahy eto!”* Izaho dia voahodidina polisy vonona hisambotra ahy saingy niteny entitra loatra aho ka nanitsy izy hoe *“Aza samborina izy fa ilay mégaphone no alaonareo!”*.

Ary tamin’iny maraina iny, teo avokoa ny anaram-pinoana rehetra, in-dray hita tao: silamo maro manao “boubou”, katolika maro, Eckankar maro, … sady rizareo rehetra mijery ahy tahaka ny hoe tsy tonga mba hivavaka rizareo. Rizareo mijery ahy tahaka ny hoe izaho no devolin-drizareo nefa rizareo tonga mba hivavaka…

Ny tenin’ilay sekreteran’ny CNEPE-CI dia toy ny fampitana demony tany amin’ireo polisy satria taitaitra rizareo. Nisy foloalindahy maro, zandary maro ary polisy maro teo sady nisy branhamista iray, rain’ny rahalahy anankiray ato, anisan’ireo foloalindahy… Ary, hitako teo amin’ny varavaran’ny lapa avokoa ny anaran’ireo fiangonana rehetra. Raha mpikambana anaty fiangonana, izay mpikambana ao amin’ny CNEPE-CI ianareo dia meloka eo anatrehan’Andriamanitra na dia tsy tao amin’ny lapa aza ianareo. Ireo fiangonana dia nahazo demony fanampiny tamin’io 09 janoary ary noho ny fifohazan’ireo olona masina izay efa eo avy amin’ity ministeran’ny Matio 25:6 ity. Ary efa ao amin’ny sasany amintsika sahady ilay hery, ilay hosotra izay hiteraka ny fifohazana. Ary izaho nilaza taminareo avy amin’ny Tenin’ny Tompo fa ny fifohazana dia hotoherin’ny CNEPE-CI, io kisarisary satanika io izay tsy inona fa vondron’ny mpamosavy mitafy volon’ondry. Raha tsikaritrareo, ilay tompon’andraikitry ny CNEPE-CI sy ilay lehilahy nanao “soutane” dia nivoaka avy tao amin’ny lapa, ilay fasana niaraka tamin’ny demony maro be izay nampitany tamin’ireo polisy. Jereo Matio 8:28-34, rehefa nanasitrana ilay adala tany Gadarena i Jesosy, dia ireo demony teo ireo ihany no niditra teo amin’ireo kisoa avy eo tao anaty rano, … avy eo tao amin’ireo mpiandry ondry, … avy eo tao amin’ireo mponina izay nandroaka an’i Jesosy.

Efa hatramin’ny taloha, izay rehetra nirahin’Andriamanitra dia nanao toy izany tsy misy fitaovana satria ny asan’Andriamanitra dia tsy miankina amin’ny vola ary, ny mijanona ao anatin’ireo tempoly mba hitsara sy hanameloka dia tsy asan’Andriamanitra fa endrika hafa famitahana. Tsy izany no nampianarin’ireo mpaminany, ireo apostoly ary Jesosy izao mihitsy antsika avy amin’ny ministerany. Ny Fahamarinana mihaika ary mametraka ny tenany eny an-kianja, fa tsy any anatin’ireo fiangonana na anatin’ireo alim-bavaka. Raha tsy manam-pitaovana ianareo, mandehana an-tongotra! Izaho nitoriteny teny rehetra teny mandrak’androany ary tsy nandray vola avy tamin’iza na iza afa-tsy hoe lehilahy iray izay mba nitondra vary kely ho ahy tany an-trano. Nefa, izaho tsy mbola nahita evanjelista na mpaminany iray izay mbola tsy nandray taratasim-bola, “villas”, fiarakodia sy hafa. Aza mila izay tsy anananareo ianareo. Avy amin’ity Filazantsara ity, nifidy ny lalana ety miaraka aminareo aho koa aoka isika hifahatra! Raha nafenina taminy ny lanitra, dia tsy ny volany velively no hahita ny lalana mankany. Raha tsy nomena anareo avy any an-danitra hatramin’ny nanorenana izao tontolo izao izany, dia tsy afaka hanome ilay rano iray vera ao amin’ny Matio 25:32-35 an’ny olom-boafidy anakiray ianareo. Izay natao tamin’ny hazo

maitso ihany no ho atao amin'ny hazo maina. Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Hitanareo? Tamin'io 09 janoary io, nikikiaka nanomboka tamin'ny fito ora hatramin'ny folo ora, naniry ny ambin-drano narian-drizareo aho fa raha nisy olona manao vy very ny ainy manome ahy, dia darohan'ny vahoaka izy. Hitanareo? Mijery ahy rizareo tahaka ireny tsy tonga mba hivavaka ireny. Fijerin'i Kaina! Nisy silamo maro manao "boubou", metodista maro, katolika maro, batista maro izay fantatro tarehy. Ny zaodahiko, vadin'ny anabaviko (cousine), izay mpitoriteny metodista dia tao… Hitanareo? Osy maro, kisoa maro, akoho maro, alika maro tafaraka.

Mitoria teny! Aza matahotra ireo milaza ny tenany ho mpaminany. Ireo fanahin'ny fankatovana izay nametra-tena tany amin'ireo fiangonana ihany ireo. Efa nambaran'ny Baiboly tao amin'ny Matio 24:24 izany. Mpaminany iza? Mpaminany iza? Amin'ny ministera rehetra, ny lasa an'ilay mpaminany dia kaontiana ihany koa nanomboka tamin'ny nahaterahany. Na ny pasitera aza! Olona manan-janaka ivelany na talohan'ny fanambadiana izany dia tsy afaka ny ho pasitera. Afaka manao ny asan'ny pasitera izy fa tsy afaka ny ho pasitera. Evanjelista dia mety fa tsy pasitera na mpaminany. Mitovy ihany koa raha mpikomy ny vadiny na efa manan-janaka ivelan'ny fanambadiana. Jereo Jer. 1:5, Mpitsara 13:3-4, Lioka 1:13-15, … Tsy afaka ny hoe jiolahim-boto, nahalala vehivavy maro, nisotro toaka na nifoka ianareo taloha dia avy eo lasa pasitera na mpaminanin'Andriamanitra; na inona na inona ireo fahitana anananareo. Afaka manao ny asan'ny pasitera mandritra ny fotoana voafetra izy fa tsy pasitera izy. Izany no izy. Ary ny mpaminany na ny pasitera iray, mitaky fanamarinana (Na: fijoroana vavolombelona) izany… Misy fepetra tokony ho fenoinareo raha tsy izany, mipetraha tsara!

Ary izaho tsy manao tsy inon-tsy inona ilay filazan'ny lalàna sy ny mpaminany hoe hanambady vehivavy izay mbola tsy nokasihina izy [Lev. 21:13-14 / Ezekiela 44:22]. Roa-polo taona ny vadiko tamin'ny taona 2000 tamin'ny izaho napaka-bady azy ary tsy nahafantatra aho hoe virjina izy. Ary izany dia amin'ny vanim-potoana izay sarotra ahitana ny maha-virjina amin'ny dimy ambin'ny folo taona. Ary raha misy lehilahy nahalala virjina nialohan'ny nanaovany vodiondry azy farafaharatsiny, dia tsy ekena hoe nanambady virjina izy.

Izay tsy nomen'Andriamanitra anareo avy any an-danitra, aza mila (Na: mitsiriritra) izany. Tadidionareo fa tany an-danitra, ireo anjely rehetra izay te hanana ny ministera lehibe an'i Gabriela dia nazera tety an-tany. Raha Andriamanitra no naniraka anareo ho an'ny asa iray ety an-tany, dia hiaro anareo eo anivon'izao fahalovana izao Izy. Ny ministera dia tsy resaka fitoriana marina na mikikiaka sy mitsambikimbikina manoloana ny olona…

Ary, nasian'Andriamanitra fahajambana ny tanàna anankiray izay nikomy taminy. Fa tao anatin'ny fiantrany, naniraka olona Izy mba hanasitrana azy ireo. Saingy hoy rizareo: *"Tsy te hahiratra intsony izahay satria hatramin'ny fahajambanay izay, dia manana ny rehetra izahay, maimaim-poana, ary liana aminay izao tontolo izao. Ialao tsiny any amin'Andriamanitra any izahay ary inona moa no manaporofo aminay fa Andriamanitra no naniraka anao?"* Indray andro izay, nifandamina ilay tanàna teo akaikiny ka nanao hoe: *"Isika mamboly, isika mijaly ary tsy manome na inona na inona antsika ny tany. Isika maty nefa ilay tanàna jamba manana ny rehetra betsaka. Andao, andeha hovonointsika rizareo ary alaintsika ny taniny sy izay rehetra nomena azy ireo."* Naka langilangy tamin'ny antoandro be iny rizareo, nankeo afovoan'ilay tanàna jamba ary nihiaka mafy hoe: *"Avia aty aminay ô! Tonga miaraka amin'ny kitapom-bary izahay, menaka, akanjo maro, … fikambanana sy fivondronan'ny fiangonana izahay, rahalahinareo ao amin'i Kristy"*. Dia nivoaka rizareo fa ilay mpaminany nahita azy ireo nandositra niaraka tamin'ny ankohonany. Ary ireo tao amin'ny tanàna akaikiny izay efa nanao otrika nivoaka ary nikapoka azy ireo… Ny sasany nihiaka hoe: "Mamelà anay e! Mifona re!" sady nihazakazaka manatsotra tanana any aloha hoatr'izao! Ny sasany kosa: *"Fa inona no mitranga?? Sakàno ireo!! Sakàno ireo!!"*. Rahalahy, nampalahelo izany. Rava ilay tanàna. Avy eo tao anatin'ny fialan'ainy, izy rehetra nihiaka hoe: *"Te hahiratra izahay, mila ilay mpaminany iny izahay, te hahiratra indray izahay…"*. Izay tsy nivoaka ihany koa dia novonoina, nasiana marika.

Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny amin'ity taranaka tsy mino ity sy ireo fiangonany. Izay manan-tsofina ho enti-mihaino aoka izy hihaino.

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »